Ankiteny [vanona]

# TOROLALAN'NY OLOM-PIRENENA



*[ Ho malagasy vanona kokoa… ]*

# VANGOVANGO

SAVA LALANA

FOMBA FAMPIASANA NY TOROLALAN'NY OLOM-PIRENENA


## Fizarana A: Ny fomba fananganana klioba Ankiteny ................................p.7

I. Inona no atao hoe klioba Ankiteny?
II. Ahoana ny fananganana klioba Ankiteny?
III. Maninona no anangana klioba Ankiteny?

## Fizarana B: Ireo foto-kevitra ................................................................................p.8

I. Ny fifidianana

II. Ny zom-pirenena
- II.1. Inona no atao hoe olom-pirenena?
- II.2. Teny filamatry ny olom-pirenena malagasy
- II.3. Inona no atao hoe olom-pirenena vanona?

III. Firafitry ny fitondrana eto Madagasikara
- III.1. Fitondrana politika inona?
- III.2. Ny mariky ny Repoblika
  - III.2.1. Ny sainam-pirenena
  - III.2. 2. Ny hiram-pirenena
  - III.2. 3. Ny teny filamatry ny Repoblika
  - III.2.4. Ny fetin'ny fahaleovantena: 26 jona
  - III.2. 5. Ny tombo-kasem-panjakana
  - III.2.6. Ny tenim-pirenena

## FANAMPINY - Hetsika aroso: Ny maha-olom-pirenena ........................p.13

Sampana A1: Mikarakara ny fifidianana ny komity mpandrindra.
Sampana A2: Ireo soatoavina mifandray amin'ny "ny fanahy no maha-olona".
Sampana A31: Ny soatoavin'ny olom-pirenena vanona.
Sampana A32: Ny soatoavin'ny olom-pirenena vanona.
Sampana A4: Ny sainam-pirenena malagasy.
Sampana A5: Ny hiram-pirenena
Sampana A6: Ny teny filamatry ny Repoblika
Sampana A7: Ny fetin'ny fahaleovantena
Sampana A8: Ny tombo-kasen'ny Repoblika



# SAVA LALANA

## Ny olona kendrena sy ny tombontsoan'ity torolalan'ny olom-pirenena ity

Ity torolalana ity dia natao ho an'ny rafi-pampianarana manerana an'i Madagasikara : ny mpanabe, ny mpampianatra ary ny mpianatra.
Ny tetikasa dia mamporisika ireo vondron'olona ireo mba hamorona «klioba Ankiteny», mifandray amin'ny maha olom-pirenena.

Ny boky torolàlana dia ahafahan'ny mpikambana hanaitra sy hanolotra hetsika fanabeazana.

## Ny tanjona

Ny torolalana dia mikendry ny fanamafisana ny rafi-panabeazana malagasy, indrindra ny maha olom-pirenena, izay hitondra ho any amin'ny fampandrosoana maharitra kokoa - ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-tontolo iainana.

Anisan'ny traikefa ifotoran'ny tetikasa ny *EMC (Éducation Morale et Civique)*. Izy io dia momba ny fampitana fahalalàna, fahaiza-manao ary toe-tsaina izay ahafahan'ny ankizy mahafantatra ny soatoavina ilaina amin'ny fiainana iombonana. Ny *EMC* dia mamela ny ankizy ho lasa mpisehatra mahaleotena sy tompon'andraikitra amin'ny fiainany manokana sy sosialy.

Ao anatin'ny fotoana maharitra dia manampy amin'ny fanatsarana ny firaisankina ara-tsosialy eo amin'ny samy Malagasy ny fampahafantarana ny maha-olom-pirenena, ahafahana miara-miaina tsara kokoa.

## Iza moa izahay?

Tanjon'ny Fikambanana Tsy Miankina amin'ny Fanjakana (ONG) Ankiteny ny hiaro sy hitandrina ny zon'ny ankizy malagasy ho vanona kokoa. ANKITENY, na ANKizy miTENY, "ilay zaza maneho hevitra", dia mandray anjara amin'ny fanamafisana ny soatoavin'ny olom-pirenena amin'ny alalan'ny Fampandrosoana ny Fahazazana - *(DPE : Développement de Petite Enfance)*.

Ezaka fototra ilaina tokoa ho an'ny fampandrosoana ara-tsosialy, kolontsaina, toekarena ary ekolojikan'ny firenena iray ny fanaovana laharam-pahamehana ny ezaka ataon'ny tsirairay.

# NY FOMBA FAMPIASANA NY TOROLALAN'NY OLOM-PIRENENA

Tolo-kevitra amin'ny fanamorana ny atrikasa Ankiteny ity boky ity. Tafiditra ao anatin'izany ny ampahany ara-teorika **(Fizarana B: Ireo foto-kevitra)**, miaraka amin'ny hetsika, hazavaina ao amin'ny **FANAMPINY**, aorian'ny fandalinana foto-kevitra iray.
Ary koa, ny fivorian'ny mpikambana dia manome fanazavana akademika sy asa azo ampiharina, tsirairay na vondrona.

Ny fanatontana ny "Torolalana ho an'ny olom-pirenena" boky 1 (voalohany) dia tsy mirakitra avokoa ireo foto-kevitra manan-danja rehetra mifandraika amin'ilay lohahevitra.
Ny fanatontana tsirairay dia entina hanentanana ireo mpamorona klioba Ankiteny amin'ny fanatanterahana ny hetsika. Ny foto-kevitra dia novolavolaina ho fampahafantarana sy fampahalalana; azo ampifanarahana amin'ny toe-javatra sy ny pedagojia efa misy.

Farany, asaina mafy ireo mpikambana ao amin'ny klioba Ankiteny mba hanao fanehoan-kevitra na hizara vaovao fanampiny anatsarana ny votoaty efa misy, na hanohana lohahevitra iray amin'ny fanatontana ho avy.



## FIZARANA A: NY FOMBA FANANGANANA KLIOBA ANKITENY

### I. Inona no atao hoe klioba Ankiteny?

Toy ny klioba teatra na klioba karate, ny “Klioba Ankiteny” - na klioban’ny olom-pirenena - dia hetsika ivelan’ny fandaharam-pianarana atolotra ao anaty rafitra fanabeazana iray. Ankiteny, fanafohezana ny ANKizy miTENY, dia midika hoe “ilay zaza maneho ny tenany”. Ary koa, ny fahalalahana manana sy maneho hevitra, ary ny fanajana ny fahasamihafana dia ny soatoavina fototra amin’ny klioban’ny olom-pirenena.

### II. Ahoana ny fananganana klioba Ankiteny?

Ny fananganana klioba dia azo atomboka amin’ny mpiasa iray na maromaro ao amin’ny rafi-pampianarana iray, na ny mpianatra mihitsy. Mivory indray mandeha na indroa isan-kerinandro ny mpikambana, ivelan’ny fotoam-pianarana.

Ny klioba Ankiteny tsirairay dia manendry na mifidy olona mpanelanelana eo amin’ny rafi-pampianarana sy ny foiben’ny Ankiteny. Ity farany dia manohana ny Klioba tsirairay amin’ny alalan’ny fizarana ireo torodalana ho an’ny olom-pirenena, ary afaka miditra an-tsehatra ihany koa amin’ny alalan’ny fampivoarana ny fahaiza-manao, raha ilaina. Ho setrin’izany, ny klioba tsirairay dia manome hevitra momba ny hetsika natao mba hanatsarana sy hanitsiana ny ezaka. Taom-pianarana iray, azo havaozina, ny fe-potoam-piasan’ny mpitatitra.

Ny klioba Ankiteny tsirairay dia mifidy “komity mpikarakara” ahitana olona 3: ny mpitatitra, ny sekretera ary ny mpiandraikitra ny serasera. Io komity mpikarakara io no mamaritra ny antsipirihan’ny hetsika sy ny fandrosoany mandritra ny fivorian’ny samy mpikambana. Herintaona ny fe-potoam-piasan’ny komity mpikarakara, azo havaozina.
Amin’ny farany sy araka izay azo atao dia hisy ny fihaonana eo amin’ireo klioba Ankiteny mavitrika indrindra.

### III. Maninona no anangana klioba Ankiteny?

Ny fananganana klioba Ankiteny dia efa fanoloran-tena ho olom-pirenena. Satria ny fahatsiarovan-tena maharitra amin’ny fanadihadiana ny maha olom-pirenena dieny am-piandohana dia mampitombo ny fahafahana hanana taranaka olom-pirenena manana faharesen-dahatra sy soatoavina matanjaka, ilaina amin’ny fampandrosoana maharitra an’i Madagasikara. Ny tanjona dia ny hampiofana olona mahaleo tena, tompon’andraikitra, mahay miara-miaina ary miara-miasa.

## FIZARANA B: IREO FOTO-KEVITRA

### I. Ny fifidianana

Araka ny voalazan'ny rakibolana Larousse dia safidy na fanendrena solontena izay ambara amin'ny alalan'ny latsa-bato ny fifidianana. Izany hoe fanehoana ny finiavana, na isam-batan'olona izany na isaky ny vondron'olona, amin'ny fotoanan'ny fifidianana.

Tsiambaratelo ny latsa-bato: ny mpifidy dia mametraka ny vatony ao anaty valopy, ny tenany izay ao amin'ny trano fandatsaham-bato. Mitovy refy ny biletà rehetra. Ankoatra izany, mitovy ihany koa ny vato: mpifidy iray = vato iray. Farany, manokana sy malalaka ny fifidianana.

Eto Madagasikara, ny lalàna organika laharana 2018 - 008 mifandraika amin'ny fitondrana ankapoben'ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka no mifehy ny fepetra momba ny zo hifidy.

Alohan'ny andron'ny fifidianana dia samy manazava ny fandaharan'asany ny kandidà tsirairay ary manazava amin'ny mpifidy ny antony tokony hisafidianana azy ireo. Izay no atao hoe **fampielezan-kevitra.**

Mandritry ny fifidianana dia misy:
- **Kandidà:** olona te hisolo tena vondron'olona.
- **Mpifidy:** olona afaka mifidy.
- **Birao fandatsaham-bato:** efitrano natokana ho an'ny olona mpifidy.
- Ny **vata fandatsaham-bato:** ny vata ampiasaina handraisana ny kara-pifidianana.
- **Biletà:** tapakila ampiasaina, na amin'ny lokony na amin'ny marika, anarana na ny ahalalana azy, hanehoana ny latsa-bato.
- Ny **trano fandatsaham-bato:** Tranoheva ilalovan'ny mpifidy hametraka ny vatony ao anaty valopy ary miantoka ny tsiambaratelon'ny latsa-bato.
- Ny **lisi-pifidianana:** ny biraom-pifidianana tsirairay dia manana ny lisitry ny mpifidy nahazo alalana hifidy amin'io toerana io. Tahaka ny lisitry ny mpianatra isaky ny kilasy izany.
- Ny **kara-pifidianana:** Ny mpifidy tsirairay dia tsy maintsy manana ny karany mba hanaporofoana ny maha izy azy.
- **Fifidianana:** fanatanterahana izay manambara ny sitrapony, amin'ny safidy. Mitovy amin'ny hoe mifidy.

Eo ihany koa ny vato fotsy, izay ahitana ny fametrahana valopy tsy misy na inona na inona ao anaty vata fandatsaham-bato. Etsy ankilany, ny vato tsy manan-kery dia manondro ireo vato tsy azo raisina mandritra ny fanisam-bato satria na misy fahasimbana (rovitra, misy soratra hafa, sns.), na misy fahasimbana (rovitra, misy soratra hafa, sns.), na misy lesoka eo amin'ny

fomba fanao (maro ny biletà samihafa no niditra tao amin'ny latsa-bato).

*Jereo ny. Fanampiny - Fampiharana: Toko A, sampana A1.*

## II. Ny zom-pirenena

### II.1. Inona no atao hoe olom-pirenena?

Ny olom-pirenena malagasy dia izay olona manana zom-pirenena ary manana ny zony ara-politika (zo hifidy, sns.) sy sivily (zo hanana fananana, sns.). Afaka mandray anjara amin'ny fitantanana ny raharahan'ny fokontaniny, ny tanànany, ny kaomininy ary ny fireneny izy.

### II. 2. Ny teny filamatry ny olom-pirenena malagasy

Anisan'ny SOATOAVINA malagasy ny hoe "ny fanahy no maha-olona". Izany dia ilàna ireto fepetra manaraka ireto:
- Ny fitiavana,
- Ny fihavanana - fifamatoran'ny fianakaviana, fianakavian'ny fo na rà,
- Ny fifanajana,
- Ny fitandroana sy ny fiarovana ny aina.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A2.*

### II. 3. Inona no atao hoe olom-pirenena vanona?

Ny olom-pirenena vanona dia olona izay:
- Manaja ny lalàna,
- Manaja ny hafa sy ny fananany,
- Mahafantatra ny zony sy manaja ny an'ny hafa,
- Tompon'andraikitra amin'ny ataony,
- Mahafantatra ny vaovao ao amin'ny fireneny,
- Mianatra ny tantara sy ny firafitry ny fireneny,
- Mandray anjara tsara amin'ny fiaraha-monina,
- Manana fangoraham-po sy fiaraha-miory * amin'ny hafa,
- Mandray anjara mavitrika amin'ny fiainam-piarahamonina,
- Mikatsaka ny fanatsarana ny tontolo iainany amin'ny fampihenana ny fako sy ny fanodinana ny efa niasa (recyclage) bebe kokoa.

Tafiditra ao anatin'izany ny soatoavina toy ny fahitsiana, ny fifandeferana, ny firaisankina, ny fanajana, ny fandraisana andraikitra ary ny fahalalam-pomba*.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A31 sy/na A32.*

** Fiaraha-miory: Mahatakatra sy mahazo ny fihetseham-pon'ny hafa.*
** Fahalalam-pomba: Fampiharana ny fehezan-dalàna tsy voasoratra momba ny fifanajana*

## III. Ny firafitry ny fitondrana eto Madagasikara

### III.1. Fitondrana politika inona?

Ny fitondrana ara-politika na ny endriky ny governemanta dia manondro ny fandaminana ny fahefana sy ny fampiasana azy. Eto Madagasikara, ny Fanjakana dia manaraka ny modelin'ny Repoblika, izany hoe ampiasain'ny mponina na ny solontena voafidiny ny fahefana.

### III.2. Ny mariky ny Repoblika


#### III.2.1. Ny sainam-pirenena

Loko telo no mandrafitra ny sainam-pirenena malagasy: fotsy, mena ary maitso.

Ny fotsy dia mitsangana eo ankavian'ny mena izay mitsivalana eo ambonin'ny maitso.

Ny mena - ràn'ny omby - dia tandindon'ny mpanjaka. Natokana ho an'ny mpanjaka ihany io loko io taloha. Ny fotsy dia mariky ny fahadiovana, ny filaminana ary ny fahafahana. Izy io koa dia maneho ny salohim-bary amin'ny fotoam-pijinjana, foto-tsakafon'ny Malagasy. Ny maitso, izay mariky ny fanantenana, dia maneho ihany koa ny zava-maitso misy ao amin'ny nosy.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A4.*



#### III.2.2. Ny hiram-pirenena

*Ry Tanindrazanay malala ô !* no hiram-pirenena malagasy nanomboka tamin'ny 1958, nosoratan'i Pasteur Rahajason ary narindran'i Norbert Raharisoa.

Ry Tanindrazanay malala ô !
Ry Tanindrazanay malala ô
Ry Madagasikara soa.
Ny fitiavanay anao tsy miala,
Fa ho anao ho anao doria tokoa.

* Tahionao ry Zanahary
‘Ty Nosindrazanay ity
Hiadana sy ho finaritra
He sambatra tokoa izahay.

Ry Tanindrazanay malala ô
Irinay mba hanompoana anao
Ny tena sy fo fanahy anananay
‘zay sarobidy sy mendrika tokoa.

** Averina isan’andininy*

Ry Tanindrazanay malala ô
Irinay mba hitahiana anao,
Ka ilay Nahary izao tontolo izao
No fototra ijoroan’ny satanao.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A5.*

### III.2.3. Ny teny filamatry ny Repoblika

*Fitiavana :* Ny fitaoman’ny fo izay mitarika sy mandrisika hanao soa manodidina ny tena.

*Tanindrazana:* Tany ampiandohana dia tany nolovaina tamin’ny razana ny atao hoe « tanindrazana » satria tsy azo amidy na afindra amin’ny vahiny ny tany, araka ny didim-pitondrana navoakan’ny Mpanjakavavy Ranavalona II, tamin’ny 29 martsa 1881. Ny mpanjaka no tompon’ny tany ary ireo izay nomeny tany dia tsy nahazo alàlana hivarotra izany amin’ny vahiny.
Taty aoriana, noho ny fandrosoan’ny fiaraha-monina, dia nihitatra ireo foko ary lasa firenena iray. « Ny ranomasina no valamparihiko », hoy ny Mpanjaka Andrianampoinimerina. Izany no mahatonga ny fiarovana ny tany niadian’ny razana mba ho lova ho an’ny taranaka, na « taninjanaka ».

*Fampandrosoana:* Anisan’ireo tanjona lehibe tokony hotratrarina mba hisian’ny fitoniana sy fanambinana ny vahoaka malagasy iray manontolo.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A6.*

### III.2.4. Ny fetim-pirenena: 26 jona

Lasa zanatany frantsay i Madagasikara tamin’ny 1896 ary Tany Ampitan-Dranomasina frantsay (Territoire d’Outre-Mer) tamin’ny 1946. Tamin’ny 1947-1948 no niady ho an’ny tena fahaleovantenam-pirenena ireo maherifon’ny

firenena. Niala tsikelikely tamin'ny fitantanana ny raharahan'i Madagasikara ary i Frantsa hatramin'ny 14 oktobra 1958. Voatendry tamin'ny 26 jona 1960, andro ofisialin'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, ny filohan'ny Repoblika voalohany, Philibert Tsiranana.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A7.*

### III.2.5. Ny tombokasem-panjakana

Ny tombo-kasen'ny Repoblika dia novaina araka ny lalàm-panorenana vaovao nolaniana tamin'ny volana novambra 2010.

Eo afovoany dia misy ny sarintanin'i Madagasikara voahodidin'ny ravinala, eo ambonin'ny lohan'omby iray avokoa. Misy tanimbary eo ambadika.

Eo amin'ny sisiny ambony amin'ny tombo-kase dia misy ny teny **"Repoblikan'i Madagasikara".**

Eo amin'ny sisiny ambany dia misy ny teny filamatra an'ny Repoblika: **"Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana",** misy salohim-bary amin'ny andaniny roa.

*Jereo ny. Fanampiny - sampana A8.*




### III.2.6. Ny tenim-pirenena

Anisan'ny tenim-pirenena ny malagasy, manana fiaviana aostroneziana. Misy tenim-paritra folo mahery, avy amin'ny teny malagasy ofisialy. Ny teny malagasy sy frantsay no fiteny ofisialin'ny nosy.

## FANAMPINY - Hetsika aroso: NY MAHA-OLOM-PIRENENA

### Sampana A1: Mikarakara ny fifidianana ny komity mpandrindra

Apetraho ny singa rehetra ilaina amin'ny fampandehanan-draharaham-pifidianana ary fidio ireo mpikambana roa ao amin'ny komity mpikarakara ny klioba Ankiteny misy anao.

1. Farito ireo kandidà. Omano ny vatom-pifidianana.
2. Fanentanana amin'ny fifidianana : Manomana kabary ny kandidà tsirairay izay mikendry ny handresy lahatra ny mpifidy hifidy azy.
3. Manomàna vata fandatsaham-bato sy biraom-pifidianana. Apetraho ao anaty efitrano ny vatom-pifidianana.
4. Tohizo ny fifidianana.
5. Manisa ny vato.
6. Ampandrenesina eny amin'ny foiben'Ankiteny ny anaran'ny komity mpikarakara.

### Sampana A2: Ny soatoavina mifandray amin' ny « fanahy maha-olona »


Zarao ho vondrona 4 ny mpianatra. Ny vondrona tsirairay dia hisaintsaina ny soatoavina na toetra mifandray amin'ny iray amin'ireo fitsipika fototra, ary fenoy ilay taratasy.


Fanontaniana ohatra apetraka amin'ny tenanao :


*Ahoana no ahitanao fa tia ny olona iray?*
*Rehefa manaja olona isika, ahoana ny fitondran-tenantsika?*
*Inona no atao hoe fiainana tsara? Inona no ilaina mba hiainana tsara?*
*Zava-dehibe ve ny fianakaviana? Raha eny / tsia, fa nahoana?*


Faharetana : 15 minitra.

Rehefa voafenon'ny vondrona tsirairay ny takelaka dia atao amin'ny vondrona lakilasy ny famerenana. Eo amin'ny solaitrabe ny mpampianatra / mpanabe dia manisy marika ireo teny, ary manipika ireo izay mipoitra imbetsaka.




FIAINANA


FIANAKAVIANA


FANAJANA

## Sampana A31: Ny soatoavin'ny olom-pirenena vanona

Farito ny soatoavina tokony hananan'ny olom-pirenena vanona.




## Sampana A32: Ny soatoavin'ny olom-pirenena vanona

Miasà tsirairay. Avy amin'ny lisitra mamaritra ny maha olom-pirenena vanona, mifidiana toetra miisa 5 farafahakeliny, ary manomeza ohatra azo ampiharina amin'ny fiainana andavanandro.

1. ______________________________________________
2. ______________________________________________
3. ______________________________________________
4. ______________________________________________
5. ______________________________________________

## Sampana A4: Ny sainam-pirenena

Ataovy sary ary lokoy ny sainam-pirenena malagasy.

Mamorona tantara izay mety hanazava ny paozy sy ny lokon'ny sainam-pirenena malagasy.

__________________________________________________________
__________________________________________________________
__________________________________________________________
__________________________________________________________
__________________________________________________________

## Sampana A5: Ny hiram-pirenena

Mihirà ny hiram-pirenena ao anaty lakilasy, alohan'ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny klioba Ankiteny, amin'ny fiandohan'ny volana.

## Sampana A6: Ny teny filamatra

Miasà irery. Alaivo sary an-tsaina raha toa ka ianao no Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara. Inona no teny filamatra horaisinao ? Arovy ary tohano ny hevitrao.

## Sampana A7: Ny fetim-pirenena

Ao anatin'ny vondrona misy olona 3 ka hatramin'ny 5, manomana lahateny / famelabelarana manazava :

. Ny fikomiana tamin'ny 1947,

. Ny fahaleovantena tamin'ny 1960,

. Ny fomba fanao sy fomba hankalazana ny fahaleovantena isaky ny 26 jona.

## Sampana A8: Ny tombokasem-panjakana


Ataovy sary ny tombokasem-panjakana. Dia mamorona tantara na tononkalo hanazavana na hanamarina an'io sary io.





# TOROLALANA VALINY


Toko A: Ny zom-pirenena

Sampana A2: Ny soatoavina mifandray amin' ny « fanahy no maha-olona ». *(Lisitra tsy feno)*







## Sampana A31: Ny soatoavin'ny olom-pirenena vanona

Ao amin'ny vondrona kilasy, ny soatoavina tsy maintsy ananan'ny olom-pirenena vanona. *(lisitra tsy feno)*




## Sampana A32: Ny soatoavin'ny olom-pirenena vanona

Avy amin'ny lisitra mamaritra ny olom-pirenena vanona, mifidiana fepetra 5 farafahakeliny ary manomeza ohatra azo ampiharina amin'ny fiainana andavanandro. *(ohatra tsy feno)*

Ny olom-pirenena vanona dia olona izay:

1. Manaja ny lalàna: mandoa hetra,
2. Manaja ny hafa sy ny fananany; tsy mamono olona,
3. Mahafantatra ny zony ary manaja ny an'ny hafa: tsy mangalatra,
4. Tompon'andraikitra amin'ny ataony: lozam-piarakodia noho ny fitondrana fiara rehefa mamo,
5. Mahafantatra ny vaovao ao amin'ny fireneny: mijery ny vaovao amin'ny fahitalavitra,
6. Mianatra ny tantara sy ny fandaminana ny fireneny: lesona momba ny tantara any am-pianarana, famakiana boky manokana,
7. Mandray anjara amin'ny lafiny tsara amin'ny fiaraha-monina: manary ny fako amin'ny toerana sy ny fotoana voatokany hanaovana izany,
8. Manana fangorahana sy fiaraha-miory amin'ny hafa: mihaino ny olona akaiky azy,
9. Mandray anjara mavitrika amin'ny fiainam-piarahamonina: manolo-tena amin'ny hetsika maha olom-pirenena,
10. Mikasa ny hanatsara ny tontolo iainany amin'ny alalan'ny fampihenana ny fako sy ny fanodinana fako bebe kokoa: fanasokajiana ny fako (compost, sns), famerenana mampiasa ny tavoahangy plastika.

Fifandraisana

*+261 38 25 235 25*

*contact@ankiteny.com*
*ankiteny.com*

*Ambatomaro + Faravohitra*
*Antananarivo - Madagasikara*




Ankiteny